# Famonjena Avy Any Ambony



NAT'AMBATR'I
WATSON GOODMAN

**manolotra andininy mitovitovy nalaina tamin'ny Soratra Masina ary nalahatra araka ny loha-teny. Mino aho fa ny teny tsara indrindra dia ny Baiboly.**

**Ny Tenin'Andriamanitra dia avy any ambony ary mitondra famonjena tokoa ho an'ny fo noana sy mangetaheta ny fahamarinana. Raha misy olona mibebaka ka mandao ny fahotana, ary manasa an'i Jesosy Kristy Tompohonina ao am-pony, mino Azy tanteraka ho Mpamonjy ny tenany manokana. Homeny ny fiadanany sy ny fifaliany izy. Izany no zavatra tsapako tamin'ny 1937, ary hatramin'izay, ny firaisako tamin'ny Tompo dia tsy tapaka intsony. Miangavy anao aho mba hanaiky Azy, ka handray Azy ho Tomponao sy Mpamonjy anao IZAO ANKEHITRINY IZAO, raha mbola tsy nataonao izany.** —Watson Goodman (1920-2002)

**Romana 5:8**

Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.

**Jaona 13:1**

Ary talohan' ny andro firavoravoana tamin' ny Paska, satria fantatr' i Jesosy fa tonga ny fotoana hialany amin' izao tontolo izao ho any amin' ny Ray, ary efa tia ny Azy izay amin' izao tontolo izao Izy, dia tia azy hatramin' ny farany.

**Apokalypsy 1:5**

**Ary avy amin' i Jesosy Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin' ny maty ary Lehiben' ny mpanjaka amin' ny tany. Ho an' Izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin' ny fahotantsika tamin' ny rany.**

**Jaona 3:16**

**Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.**

**Jeremia 31:3**

Tany lavitra any no nisehoan' i Jehovah tamiko ka nanao hoe: fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao.

Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin' ny nofo, nohamarinina tao amin' ny Fanahy; hitan' ny anjely, notorina tany amin' ny jentilisa, ninoana teny amin' izao tontolo izao, nakarina tamin' ny voninahitra. —Timoty I. 3:16

Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray; koa ahoana no anaovanareo hoe: Asehoy anay ny Ray? Tsy mino va hianao fa Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko?
—Jaona 14:9, 10a

Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain' ny Tompo ny mpaminany hoe: Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon' ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: Amintsika Andriamanitra.
—Matio 1:22, 23

Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. . . . Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; . . . sady feno fahasoavana sy fahamarinana. —Jaona 1:1, 14

Jaona I. 4:15

Na iza na iza manaiky fa Zanak' Andriamanitra Jesosy, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin' Andriamanitra.

Kolosiana 2:9

Fa ao amin' ny tenany no itoeran' ny fahafenoan' ny fomban' Andriamanitra rehetra.

Isaia 9:6

Ny handrosoan' ny fanapahana sy ny fiadanana dia tsy hanampahataperana eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida sy ny fanjakany, mba hampiorenana sy hampitoerana azy amin' ny rariny sy ny hitsiny hatramin' izao ka ho mandrakizay; ny fahasaro-piaron' i Jehovah, Tompon' ny maro, no hahatanteraka izany.

Lioka 1:35

Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin' ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak' Andriamanitra.

Matio 17:5

Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, injao, nisy feo avy tao amin' ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy.

# Jesosy miteny amintsika ny maha-Izy Azy

**Jaona 8:23**
Fa hoy Izy taminy: Hianareo avy atỳ ambany; Izaho avy any ambony; hianareo avy amin' izao tontolo izao; Izaho tsy mba avy amin' izao tontolo izao.

**Jaona 10:7**
Dia hoy indray Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izaho no vavahadin' ondry.

**Jaona 9:5**
Raha amin' izao tontolo izao Aho, dia fahazavan' izao tontolo izao.

**Jaona 6:35**
Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon' aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony.

**Jaona 13:13**
Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho.

**Jaona 8:58**
Hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Fony tsy mbola ary Abrahama, dia Izy Aho.

**Jaona 11:25**
Hoy Jesosy taminy: Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray.

Dia nasainy nipetraka teny ambonin' ny ahitra ny vahoaka, ary noraisiny ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy ka nisaotra; ary nony efa novakiny ny mofo, dia natolony ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nanolotra ho an' ny vahoaka. Ary nihinana avokoa izy rehetra, ka dia voky; ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany, ka dia nahafeno harona roa ambin' ny folo. Ary izay nihinana dia tokony ho dimy arivo lahy, afatsy ny zaza amimbehivavy. —Matio 14:19-21

Fa Simona namaly ka nanao hoe: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao, dia halatsako ihany ny harato. Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony. —Lioka 5:5, 6

Matio 20:30, 34

Ary, indreo, nisy jamba roa lahy nipetraka teo amorondàlana, ary nony reny fa Jesosy no mandalo, dia niantso izy ka nanao hoe: Mamindrà fo aminay, ry Tompo, Zanak' i Davida ô! . . . Ary Jesosy dia onena azy ka nanendry ny masony; ary nahiratra niaraka tamin' izay izy, dia nanaraka an' i Jesosy.

Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin' ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany. —Kolosiana 1:16

Andriamanitra . . . dia amin' izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao tontolo izao.
—Hebreo 1:2

Koa aoka ho fantatry ny taranak' Isiraely rehetra marimarina fa iny Jesosy nohombonareo tamin' ny hazofijaliana iny dia efa nataon' Andriamanitra ho Tompo sy Kristy.
—Asan' ny Apostoly 2:36

Fa izany no nahafatesan' i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon' ny maty sy ny velona Izy. —Romana 14:9

Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. —Jaona 1:3

Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga ny fiantsoana anareo hananananareo firaisana amin' ny Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika. —Korintiana I. 1:9

Romana 14:10

Fa nahoana hianao no mitsara ny rahalahinao? Ary nahoana kosa ianao no manao tsinontsinona ny rahalahinao? Fa samy hiseho eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra isika rehetra.

Matio 25:32

Ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin' ny osy.

Jaona 5:22

Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka.

Romana 2:16

Amin' ny andro izay hitsaran' Andriamanitra ny zavatra takona ataon' ny olona, araka ny filazantsarako amin' ny alalan' i Jesosy Kristy.

Timoty II. 4:1

Eo anatrehan' Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin' ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy.

Asan' ny Apostoly 10:42

Ary Izy nandidy anay hitory amin' ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin' Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty.

# Ny fanavotana dia amin'ny alalan'i Jesosy Kristy

**Jaona 10:9**

Izaho no vavahady; raha Izaho no hidiran' ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina.

**Jaona 14:6**

Hoy Jesosy taminy: Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin' ny Ray, afatsy amin' ny alalako.

Koa izany no nilazako taminareo fa ho faty amin' ny fahotanareo hianareo; fa raha tsy mino hianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin' ny fahotanareo hianareo. —Jaona 8:24

**Hebreo 7:25**

Koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy.

**Asan' ny Apostoly 4:12**

Ary tsy misy famonjena amin' ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.

**Hebreo 5:9**

Ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon' ny famonjena mandrakizay ho an' izay rehetra manaraka Azy.

# Ny fanavotana dia amin'ny alalan'i Jesosy Kristy



### Kolosiana 1:12-14

Ka misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin' ny lovan' ny olona masina eo amin' ny mazava, sady nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka namindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany, Izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika.

### Titosy 2:14

Izay nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin' ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an' ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin' ny asa tsara izany.

### Lioka 19:10

Fa efa tonga ny Zanak' olona hitády sy hamonjy ny very.

### Apokalypsy 5:9

Ary nihira fihiram-baovao izy ka nanao hoe: Hianao no mendrika haka ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny; fa voavono Hianao, ary ny ranao no nanavotanao ho an' Andriamanitra olona avy tamin' ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny, sy ny olona ary ny firenena rehetra.

Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin' ny fahatezerana ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin' ny rany isika. —Romana 5:9

Izy no ananantsika fanavotana amin' ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren' ny fahasoavany. —Efesiana 1:7

Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin' ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin' ny nentin-drazana, fa ny ra soan' i Kristy, toy ny ran' ny zanak' ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina. —Petera I. 1:18, 19

Fa raha mandeha eo amin' ny mazava isika, tahaka Azy eo amin' ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra. —Jaona I. 1:7

Mainka fa ny ran' i Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manantsiny ho an' Andriamanitra, tamin' ny alalan' ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin' ny asa maty mba hanompoanareo an' Andriamanitra velona. —Hebreo 9:14

Fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika.
—Jaona I. 5:4

Fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra; tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha. —Efesiana 2:8, 9

Fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak' Andriamanitra, ary mba hananareo fiainana amin' ny anarany, raha mino hianareo. —Jaona 20:31

Fa ao amin' i Kristy Jesosy dia tsy mahasoa na ny famorana na ny tsi-famorana, fa ny finoana izay miasa amin' ny fitiavana.
—Galatiana 5:6

Koa amin' izany, satria efa nohamarinina tamin' ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika. —Romana 5:1

Dia hoy ireo taminy: Inona no hataonay mba hiasanay ny asan' Andriamanitra? Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izao no asan' Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny.
—Jaona 6:28, 29

Fa tahaka ny hahavon' ny lanitra ambonin' ny tany no haben' ny famindrampony amin' izay matahotra Azy. —Salamo 103:11

Fa ny famindrampon' i Jehovah dia hatramin' ny taloha indrindra ka ho mandrakizay amin' izay matahotra Azy ary ny fahamarinany mihatra amin' ny taranaka. —Salamo 103:17

Iza no Andriamanitra tahaka Anao, izay mamela heloka sady mandalo ny fahadisoan' ny sisa amin' ny lovany? Tsy mitana ny fahatezerany ho mandrakizay Izy, fa tia famindrampo. —Mika 7:18

Fa lehibe mihoatra ny lanitra ny famindramponao; ary mipaka eny amin' ny rahona ny fahamarinanao. —Salamo 108:4

Ny famindrampon' i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. Vaovao isa-maraina izany; lehibe ny fahamarinanao. —Fitomaniana 3:22, 23

Dia tsy avy tamin' ny asa amin' ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika, tamin' ny fanasan' ny fiterahana indray sy ny fanavaozan' ny Fanahy Masina. —Titosy 3:5

Matio 11:28

Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.

Isaia 55:1

HE! hianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa amin' ny rano! Ary hianareo izay tsy manam-bola, avia, mividia, ka homàna! Eny, avia mividia divay sy ronono, nefa tsy amin-bola, na amin-karena.

Jaona 7:37

Ary tamin' ny andro farany, izay andro lehibe tamin' ny andro firavoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe: Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro.

Apokalypsy 22:17

Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia. Ary aoka ho avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin' ny ranon' aina.

Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny orampanala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon' ondry fotsy. —Isaia 1:18

**Jaona I. 3:10**

Izany no mampiseho miharihary izay Zanak' Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin' Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny.

Koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, ary aza manendry izay zavatra tsy madio; ary Izaho dia handray anareo. Ary ho Rainareo Aho, ary hianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy Jehovah Tsitoha. —Korintiana II. 6:17, 18

**Romana 8:14, 15**

Fa izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra. Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin' ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin' ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô.

Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany. —Jaona 1:12

**Filipiana 2:15**

Mba ho tsy manantsiny sady tsy misy fitaka hianareo, dia zanak' Andriamanitra tsy manana adidy eo amin' ny firenena meloka sy maditra, izay isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin' izao tontolo izao.

Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoantsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra.
—Galatiana 5:19-21

Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin' ny andro; tsy amin' ny filalao-van-dratsy, na amin' ny fahamamoana, tsy amin' ny fijangajangana, na amin' ny fijejojejoana, tsy amin' ny fifandirana, na amin' ny fialonana. Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahy ny amin' ny nofo hahatanteraka ny filany. —Romana 13:13, 14

Lozan' izay mifoha maraina koa ka mitady toaka! Izay miboboka mandra-paharivan' ny andro ka ampirehetin' ny divay! —Isaia 5:11

Aza mijery ny divay noho ny hamenany sy ny fanganohanony eo anaty gilasy ary ny fikoriany mahafinaritra; fa amin' ny farany dia hanaikitra toy ny bibilava izy ary hanindrona toy ny menarana.
—Ohabolana 23:31, 32

Marka 10:17-22

Ary nony vao nivoaka nankeny andàlana Jesosy, dia nisy olona anankiray nihazakazaka nanatona ka nandohalika teo anátrehany ary nanontany Azy hoe: Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay? Ary hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no ataonao hoe tsara? Tsy misy tsara afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra. Fantatrao ny didy hoe: Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Aza manambaka, Manajà ny rainao sy ny reninao. Ary hoy izy taminy: Mpampianatra ô, izany rehetra izany efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely. Ary Jesosy nijery azy tsara, dia tia azy ka nanao taminy hoe: Diso zavatra iray loha hianao; mandehana, amidio izay rehetra ananananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy. Dia nanjombona terỳ ny tarehiny tamin' izany teny izany, ka niala tamin' alahelo izy, satria nanana harena be.

Misy làlana ataon' ny olona ho mahitsy, Kanjo làlana mivarina any amin' ny fahafatesana no iafarany. —Ohabolana 16:25

Efesiana 5:6

Aza mety hofitahin' olona amin' ny teny foana hianareo; fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanaky ny tsifanarahana.

Jakoba 1:22

Fa aoka ho mpankatò ny teny hianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo.

Korintiana I. 6:9, 10

Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra? Aza mety hofitahina hianareo: fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin' olona sy ny sodomita sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao ankeriny dia tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra.

Galatiana 6:3

Fa raha misy manao ny tenany ho zavatra, kanjo tsinontsinona, dia mamitaka ny tenany izy.

Jaona I. 3:7, 8a

Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy. Izay manota dia avy amin' ny devoly, satria ny devoly manota hatramin' ny voalohany.

Koa izany dia tahaka ny nidiran' ny ota avy tamin' ny olona iray ho amin' izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran' ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra.
—Romana 5:12

Ary ny filana, rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka, dia miteraka fahafatesana. —Jakoba 1:15

Ny fanahy izay manota no ho faty. Ny zanaka tsy mba hitondra ny heloky ny rainy, ary ny ray tsy mba hitondra ny heloky ny zanany; ny fahamarinan' ny marina ho aminy ihany, ary ny faharatsian' ny ratsy fanahy kosa ho aminy ihany. —Ezekiela 18:20

Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, (sy fiadanana). —Romana 8:6

Fa mety ny mifaly sy miravoravo; fa ity rahalahinao ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. —Lioka 15:32

Ny tena fahamarinana dia mamantana any amin' ny fiainana; fa izay fatra-panaraka ny ratsy dia iharan' ny fahafatesana.
—Ohabolana 11:19

Lioka 7:14, 15a

Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. Dia niarina ny maty sady niteny . . . .

Jaona 11:43, 44

Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin' ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha! Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony, sady voafehy mosara koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin' ny olona: Vahao izy, ka avelao handeha.

Jaona 10:17, 18

Ary izany no itiavan' ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray. Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoka tamin' ny Raiko.

Apokalypsy 1:18

Dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny fiainantsi-hita.

Deoteronomia 5:7-18

Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.

Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra any amin' ny lanitra ambony, na izay etỳ amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy ....

Aza manonona foana ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon' i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany.

Mitrandrema ny andro Sabata hanamasina azy, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra....

Manajà ny rainao sy ny reninao, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao, mba ho maro andro hianao ....

Aza mamono olona.

Ary aza mijangajanga.

Ary aza mangalatra.

Ary aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao.

Ary aza mitsiriritra ny vadin' ny namanao; ary aza mitsiriritra ny tranon' ny namanao, na ny

taniny, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an' ny namanao akory aza.

## Tsy azonao atao ny miafina amin'Andriamanitra 21

Joba 34:21, 22

Fa ny mason' Andriamanitra dia mijery ny alehan' ny olona, ary mahita ny diany rehetra Izy. Tsy misy aizina na alim-pito, izay hieren' ny mpanao ratsy.

Salamo 139:8, 12

Na dia miakatra any an-danitra aza aho, dia any Hianao; ary na dia manao ny fiainan-tsi-hita ho fandriako aza aho, indro, any Hianao. . . . Tsia, fa ny maizina aza tsy mahamaizina aminao; fa ny alina dia mahazava toy ny andro ihany, ka sahala ny mazava sy ny maizina.

Ohabolana 15:3

Ny mason' i Jehovah amin' izao rehetra izao, mijery ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.

Fa tsy misy takona izay tsy ho hita, na miafina izay tsy ho fantatra sy tsy haseho. Koa tandremo ny fihainonareo; fa izay manana dia homena; ary izay tsy manana kosa, na dia izay ataony ho ananany aza dia halaina aminy. —Lioka 8:17

Hiverina ho any amin' ny fiain-an-tsi-hita ny ratsy fanahy, dia ny jentilisa rehetra izay manadino an' Andriamanitra. —Salamo 9:17

Ny Zanak' olona haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin' ny fanjakany ny zavatra mahata fintohina rehetra mbamin' izay manao meloka, dia hanipy azy any amin' ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify.
—Matio 13:41, 42

Koa raha ny tànanao na ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izy ka ario ho afaka aminao; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina na mandringa any amin' ny fiainana noho ny manana tànana roa sy tongotra roa, nefa hariana any amin' ny afo maharitra mandrakizay.
—Matio 18:8

Ary ireo dia hiala ho any amin' ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin' ny fiainana mandrakizay.
—Matio 25:46

Fa izao lanitra sy tany ankehitriny izao dia hazonin' izany teny izany ho amin' ny afo ka tehirizina ho amin' ny andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy. —Petera II. 3:7

Satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin' ny fahamarinana amin' ny alalan' ny Lehilahy iray votendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin' ny nananganany Azy tamin' ny maty.
—Asan'ny Apostoly 17:31

Dia fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy amin' ny fakampanahy sy ny hitehirizany ny olona tsy marina amin' ny fijaliana ho amin' ny andro fitsarana. —Petera II. 2:9

Izany no ahatanterahana ny fitiavana amintsika, mba hananantsika fahasahiana amin' ny andro fitsarana; fa tahaka Azy isika eo amin' izao tontolo izao.
—Jaona I. 4:17

Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana. —Hebreo 9:27

Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin' ny fitsaran' i Kristy, mba handraisan' ny olona rehetra izay zavatra nataon' ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy.
—Korintiana II. 5:10

Koa samy hampamoahin' Andriamanitra ny amin' ny tenany avy isika rehetra. —Romana 14:12

Koa dia tsy avy amin' izay maniry na amin' izay mihazakazaka izany, fa avy amin' Andriamanitra Izay miantra.
—Romana 9:16

Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony.
—Korintiana II. 8:9

Nefa tsy tahaka ny fahadisoana ny fanomezam-pahasoavana. Fa raha ny fahadisoan' ny iray no nahatonga fahafatesana ho an' ny maro, mainka ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fanomezana amin' ny fahasoavan' ny Olona iray, dia Jesosy Kristy, no tonga be ho an' ny maro kosa.
—Romana 5:15

. . . Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an' ny manetry tena. —Petera I. 5:5b

Araka ny voasoratra hoe: Ny nanangona be tsy nanana amby, ary ny nanangona kely tsy nanana ny tsy ampy.
—Korintiana II. 9:15

Ary tamin' ny hery be no nanambaran' ny Apostoly ny nitsanganan' i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin' izy rehetra. —Asan' ny Apostoly 4:33

Asan'ny Apostoly 17:30

Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron' ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin' izao tontolo izao hibebaka.

Lioka 13:3

Tsia, hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka hianareo, dia ho ringana tahaka azy koa hianareo rehetra.

Asan' ny Apostoly 3:19

Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo.

Matio 3:2

Mibebaha hianareo; fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra.

Korintiana II. 7:10

Fa ny alahelo araka an' Andriamanitra miasa fibebahana ho famonjena tsy hanenenana; fa miasa fahafatesana kosa ny alahelon' izao tontolo izao.

Asan' ny Apostoly 2:38

Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.

Fa raha mamela ny fahadisoan' ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo, Izay any andanitra.
—Matio 6:14

Fa raha ny ratsy fanahy miala amin' ny fahotana rehetra izay nataony ka mitandrina ny didiko rehetra ary manao izay marina sy mahitsy, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. —Ezekiela 18:21

Indro, efa mitsangana eo ambaravarana Aho ka mandòndòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko.
—Apokalypsy 3:20

Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny làlany, ary ny tsy marina hahafoy ny heviny; ary aoka hiverina ho amin' i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, eny, ho amin' Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy. —Isaia 55:7

Izy nasandratry ny tànana ankavanan' Andriamanitra ho Tompo sy Mpamonjy, hanome fibebahana sy famelankeloka ho an' ny Isiraely. —Asan' ny Apostoly 5:31

Ary Jesosy, nony nahita ny finoan' ireo dia, nanao tamin' ilay mararin' ny paralysisa hoe: Anaka, voavela ny helokao.
—Marka 2:5

### Efesiana 5:11

Ary aza miray amin' ny asan' ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mananatra izany.

### Isaia 1:16

Misasà hianareo, diovy ny tenanareo, esory tsy ho eo anoloan' ny masoko ny ratsy fanaonareo; mitsahara, fa aza manao ratsy.

### Jaona I. 2:15, 16

Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin' izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra rehetra eo amin' izao tontolo izao, dia ny filan' ny nofo sy ny filan' ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin' ny Ray, fa avy amin' izao tontolo izao ihany.

### Kolosiana 3:2

Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany.

### Titosy 2:11, 12

Fa efa miseho ny fahasoavan' Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra, mampianatra antsika handa izay toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra sy ny filan' izao tontolo izao ary ho velona amin' ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an' Andriamanitra amin' izao fiainana ankehitriny izao.

**Ezekiela 36:26**
Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin' ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo.

**Jaona I. 2:29**
Raha fantatrareo fa marina Izy, dia fantaro fa izay rehetra manao ny marina no zanany naterany.

**Jaona 3:3**
Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra.

**Petera I. 1:23**
Fa efa teraka indray hianareo, tsy tamin' ny voa mety ho lo, fa tamin' ny tsy mety ho lo, dia ny tenin' Andriamanitra, izay velona sady maharitra.

**Korintiana II. 5:17**
Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.

**Jaona I. 5:18**
Fantatsika fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia tsy manota; fa izay naterak' Andriamanitra, dia miaro ny tenany ka tsy mikasika azy akory ilay ratsy.

Ary hianareo dia efa novelominy, fony mbola matin' ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo, . . . ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin' i Kristy Jesosy.
—Efesiana 2:1, 6

Koa raha niara-natsangana tamin' i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin' ny itoeran' i Kristy, Izay mipetraka eo an-tànana ankavanan' Andriamanitra.
—Kolosiana 3:1

Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin' ny tenany teo ambonin' ny hazo, mba ho faty ny amin' ny ota isika, fa ho velona ny amin' ny fahamarinana; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo. —Petera I. 2:24

Fa izay an' i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin' ny faniriany sy ny filàny tamin' ny hazofijaliana. —Galatiana 5:24

Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin' ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? . . . Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin' ny ota, fa velona ho an' Andriamanitra ao amin i Kristy Jesosy. —Romana 6:2, 11

### Jaona 3:14, 15

Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany anefitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.

### Jaona 17:3

Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.

### Jaona 3:36

Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy.

### Romana 6:23

Fa fahafatesana no tambin' ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika.

### Jaona 5:24

Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana izy.

### Isaia 32:17

Ny asan' ny fahamarinana ho fiadanana; Ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay.

### Galatiana 4:6

Ary satria zanaka hianareo, dia nirahin' Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin' ny Zanany, miantso hoe: Aba, Ray ô.

### Jaona 14:21

Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian' ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy.

### Romana 8:16

Ny Fanahy dia miara-milaza amin' ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika.

### Jaona I. 3:18, 19

Anaka, aoka tsy ho tia amin' ny teny na amin' ny lela isika, fa amin' ny asa sy amin' ny marina. Izany no hahafantarantsika fa avy amin' ny marina isika sy hampahatokiantsika ny fontsika eo anatrehany.

### Jaona I. 4:13

Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny.

Fa ankehitriny mankany aminao Aho; ary izany teny izany no lazaiko eto amin' izao tontolo izao, mba hananany ny fifaliako tanteraka ao aminy.
—Jaona 17:13

Fa ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy amin' ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin' ny Fanahy Masina.
—Romana 14:17

Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazofijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo dia ivelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.
—Galatiana 2:20

Koa amin' ny fifaliana no hantsakanareo rano amin' ny loharanom-pamonjena.
—Isaia 12:3

Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo.
—Jaona 15:11

Hampahafantatra ahy ny làlan' aina hianao; fahavokisam-pifaliana no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo an-tànanao ankavanana mandrakizay.
—Salamo 16:11

Romana 2:13; 6:16

Fa tsy ny mpandre ny lalàna no marina eo amatrehan' Andriamanitra, fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina; . . . Tsy fantatrareo va fa raha manolotena ho mpanompo hianareo na ho an' iza na ho an' iza, dia mpanompon' izay arahinareo, na ny ota ho amin' ny fahafatesana, na ny fanarahana ho amin' ny fahamarinana?

Tesaloniana II. 1:7-9

Ary ny hanome fitsaharana anareo izay ampahorina kosa mbamin' ny tenanay, raha hiseho Jesosy Tompo, avy any andanitra mbamin' ny anjelin' ny heriny, amin' ny afo midedadeda, hamaly izay tsy mahalala an' Andriamanitra sy izay tsy manaiky ny filazantsaran' i Jesosy Tompontsika, dia olona izay hiharan' ny famaliana marina, dia fahaverezana mandrakizay, avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny.

Deoteronomia 11:26-28a

Indro, izaho mametraka fitahiana sy ozona eo anoloanareo anio: fitahiana, raha hohenoinareo ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo, izay andidiako anareo anio; ary ozona kosa, raha tsy hohenoinareo ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo.

Filipiana 2:11

Sy haneken' ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr' Andriamanitra Ray.

Matio 10:32, 33

Ary amin' izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan' ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra. Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan' ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any andanitra.

Romana 10: 9, 10

Satria raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao hianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena hianao. Fa amin' ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin' ny vava no anekena hahazoana famonjena.

Jaona I. 2:23

Izay rehetra mandà ny Zanaka no tsy manana ny Ray koa; izay manaiky ny Zanaka no manana ny Ray koa.

Lioka 9:26

Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko, dia ho menatra azy kosa ny Zanak' olona, raha avy amin' ny voninahiny sy ny an' ny Rainy ary ny an' ny anjely masina.

Petera I. 5:8

Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany.

Tesaloniana II. 2:9

Ny fihavin' ilehiny dia araka ny fiàsan' i Satana amin' ny hery sy ny famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra.

Matio 4:1, 10, 11

Ary Jesosy dia nentin' ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain' ny devoly fanahy. . . . Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao, ry Satana: fa voasoratra hoe; Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao. Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy.

Efesiana 6:11

Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly.

Asan' ny Apostoly 26:18

Hampahiratra ny masony hialany amin' ny maizina ho amin' ny mazava, ary amin' ny fahefan' i Satana ho amin' Andriamanitra, mba hahazoany famelankeloka sy lova eo amin' izay nohamasinina noho ny finoana Ahy.

### Tesaloniana II. 2:8

Ary dia haseho ilay tena mpandika lalàna, izay holevonin' i Jesosy Tompo amin' ny fofonain' ny vavany ary hofoanany amin' ny fisehoan' ny fihaviany.

### Jakoba 4:7, 8a

Ka dia maneke an' Andriamanitra hianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. Manatòna an' Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy.

### Hebreo 2:14

Koa satria manana nofo amandra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin' ny fahafatesana ilay manana ny herin' ny fahafatesana, dia ny devoly.

### Romana 8:35, 37

Iza no hahasaraka antsika amin' ny fitiavan' i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? . . . Kanefa amin' izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin' ny alalan' Ilay tia antsika.

### Jaona I. 3:8

Izay manota dia avy amin' ny devoly, satria ny devoly manota hatramin' ny voalohany.

Raha misy manao hoe: Tia an' Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy; fa izay tsy tia ny rahalahiny izay hitany, hataony ahoana no fitia an' Andriamanitra Izay tsy hitany?
—Jaona I. 4:20

Na dia miteny amin' ny fitenin' ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho.
—Korintiana I. 13:1

Hoy indray Izy taminy fanindroany: Simona, zanak' i Jaona, moa tia Ahy va hianao? Dia hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko. —Jaona 21:16

Izany no hahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia. —Jaona 13:35

Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po .... —Galatiana 5:22, 23a

Fantatsika fa efa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana isika satria tia ny rahalahy. Izay tsy tia dia mitoetra ao amin' ny fahafatesana ihany. —Jaona I. 3:14

# Ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty

Romana 4:25

Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika.

Jaona 20: 26-28

Ary nony afaka havaloana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo. Ary hoy Izy tamin' i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan' tànanao, ka jereo ny tànako; ary atehefo eto koa ny tànanao, ka ataovy amin' ny lanivoako; ary aza ho isan' izay tsy mino, fa minoa. Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitro!

Asan' ny Apostoly 10:39-41

Ary izahay no vavolombelon' ny zavatra rehetra izay nataony tany amin' ny tanin' ny Jiosy sy tany Jerosalema; Izy dia novonoiny nahantony teo amin' ny hazo; nefa natsangan' Andriamanitra kosa Izy tamin' ny andro fahatelo ka nasehony marimarina, tsy tamin' ny olona rehetra, fa tamin' ny vavolombelona izay notendren' Andriamanitra rahateo, dia taminay izay niara-nihinana sy nisotro taminy, rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy.

# Ny fitsanganana amin'ny maty, fanantenana be voninahitra ho antsika 

### Matio 16:21

Hatramin' izany no vao natoron' i Jesosy ny mpianany fa tsy maintsy hankany Jerosalema Izy ka hampijalin' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoina, ary hatsangana amin' ny andro fahatelo.

### Romana 6:3-5

Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin' i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin' ny fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy tamin' ny batisa ho amin' ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganan an' i Kristy tamin' ny maty tamin' ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin' ny fiainam-baovao. Fa raha nampiraisina taminy tamin' ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin' ny fitsanganany.

### Jaona 5:28, 29

Aza gaga amin' izany; fa avy ny andro izay handrenesan' ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin' ny fitsanganana ho fahamelohana.

Hanao izay hahazoantsika hanompo Azy tsy amin-tahotra, satria afaka amin' ny fahavalontsika isika, amin' ny fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany amin' ny andro rehetra hiainantsika. —Lioka 1:74, 75

Timoty II. 2:21

Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin' ireny, dia ho fanaka homemboninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an' ny Tompo, voavoatra ho amin' ny asa tsara rehetra.

Korintiana II. 7:1

Koa raha manana ireo teny fikasana ireo isika, ry malala, dia aoka isika hanadio ny tenantsika ho afaka amin' ny fahalotoana rehetra, na amin' ny nofo na amin' ny fanahy, ka hahatanteraka ny fahamasinana amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra.

Araka ny fahalalana rahateo, izay an' Andriamanitra Ray, amin' ny fanamasinan' ny Fanahy, ho amin' ny fanarahana sy ny famafazan' ny ran' i Jesosy Kristy: hampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana. —Petera I. 1:2

Petera I. 1:15

Fa araka ny fahamasinan' Ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa hianareo amin' ny fitondrantena rehetra.

Isaia 35:8

Ary hisy làlambe any, dia làlana voavoatra, izay hatao hoe Làlan' ny fahamasinana; tsy mba handia izany ny tsy madio, fa Jehovah homba azy, ka izay mandeha amin' ny làlana dia tsy ho diso any, na dia ny adala aza.

Hebreo 13:12

Ary amin' izany Jesosy koa dia niaritra teny ivelan' ny vavahady mba hahamasina ny olona amin' ny rany.

Jaona I. 1:9

Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra.

Matio 3:11

Izaho dia manao batisa anareo amin' ny rano ho amin' ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy mendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masina sy ny afo.

Efesiana 1:4

Araka ny nifidianany antsika tao aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika.

# Olona maro feno ny Fanahy Masina

### Lioka 11:13

Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an' izay mangataka aminy?

### Asan' ny Apostoly 1:8a

Fa hahazo hery hianareo amin' ny hilatsahan' ny Fanahy Masina aminareo . . . .

### Ezekiela 36:27

Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy.

### Romana 8:9

Fa hianareo tsy ao amin' ny nofo, fa ao amin' ny Fanahy, raha ny Fanahin' Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin' i Kristy dia tsy Azy izy.

### Asan' ny Apostoly 13:52

Ary dia feno fifaliana sy ny Fanahy Masina ny mpianatra.

### Asan' ny Apostoly 4:31

Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahasahiana.

**Salamo 34:18**
Akaikin' izay manana fo mangorakoraka Jehovah ary mamonjy izay torotoro fanahy.

**Isaia 66:2**
Fa izao zavatra izao no nataon' ny tànako. Ka dia ary izao rehetra izao, hoy Jehovah; nefa izao no olona hotsinjoviko, dia izay malahelo sy torotoro fanahy sady mangovitra noho ny teniko.

**Petera I. 4:12, 13**
Ry malala, aza gaga noho ny fizahantoetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany; fa araka ny iombonanareo fijaliana amin' i Kristy dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin' ny fisehoan' ny voninahiny koa.

**Salamo 37:3**
Matokia an' i Jehovah hianao, ka manaova soa, dia honina amin' ny tany hianao ka ho faly amin' ny fahamarinana.

**Apokalypsy 21:4**
Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin' ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.

Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin' ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy. —Hebreo 2:18

Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an' i Satana faingana eo ambanin' ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika. —Romana 16:20

Maro ny fahorian' ny marina; nefa Jehovah manafaka azy amin' izany rehetra izany. —Salamo 34:19

Raha mita ny rano hianao, dia homba anao Aho; ary raha mita ny ony hianao, dia tsy hanafotra anao izy; raha mandeha mamaky ny afo hianao, dia tsy ho may. —Isaia 43:2

Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo. —Romana 8:28

Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan' ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany làlana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany. —Korintiana I. 10:13

Apokalypsy 3:12

Izay maharesy no hataoko andry eo amin' ny tempolin' Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitro sy ny anaran' ny tanànan' Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin' Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao.

Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin' ny bokin' ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan' ny Raiko sy eo anatrehan' ny anjeliny. —Apokalypsy 3:5

Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin' ny Raiko eo ambonin' ny seza fiandrianany. —Apokalypsy 3:21

Apokalypsy 21:7

Izay maharesy no handova izany zavatra izany; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako.

Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin' ny hazon' aina, izay eo amin' ny Paradisan' Andriamanitra. —Apokalypsy 2:7

# Ny tenin'Andriamanitra momban'ny fisaraham-panambadiana

Ary ny manam-bady dia didiako, nefa tsy izaho, fa ny Tompo: Aoka tsy hiala amin' ny lahy ny vavy (nefa raha misy efa niala, dia aoka hitoetra tsy manam-bady, na aoka hody amin' ny lahy); ary ny lahy aoka tsy hiala amin' ny vavy. —Korintiana I. 7:10, 11

Izay rehetra misao-bady ka mampakatra ny hafa dia mijangajanga; ary izay mampakatra vehivavy voasaotra dia mijangajanga koa. —Lioka 16:18

Fa ny vehivàvy izay manambady dia fehezin' ny lalàna ho an' ny lahy, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin' ny lalàn' ny lahy izy. Koa raha mbola velona ny lahy, ka manambady olon-kafa ravehivavy, dia hatao hoe mpijangajanga izy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin' izany lalàna izany izy ka tsy mba mpijangajanga, na dia manambady olon-kafa aza. . . . —Romana 7:2, 3

Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra misaotra ny vadiny afa-tsy noho ny fijangajangana ihany dia mampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady izay voasaotra, dia mijangajanga. —Matio 5:32

### Jaona 14:3

Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.

### Apokalypsy 3:11

Ho avy faingana Aho; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao.

### Marka 8:38

Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko amin' ity taranaka sady mijangajanga no manota ity, dia ho menatra azy kosa ny Zanak' olona, raha avy amin' ny voninahitry ny Rainy mbamin' ny anjely masina.

### Matio 24:30

Ary amin' izany andro izany dia hiseho eo amin' ny lanitra ny famantarana ny Zanak' olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin' ny tany, ary hahita ny Zanak' olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra izy.

### Jakoba 5:8

Mahareta koa hianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fihavian' ny Tompo.

### Matio 24:27

Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona.

Ry malala, ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa.
—Jaona I. 3:2

Dia miomàna koa hianareo; fa ho avy ny Zanak' olona amin' izay ora tsy ampoizinareo.
—Lioka 12:40

Izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo? Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any andanitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.
—Asan' ny Apostoly 1:11

Indro, avy toy ny mpangalatra Aho. Sambatra izay miambina ka miaro ny fitafiany, fandrao mandeha mitanjaka izy, ka hita ny fahamenarany. —Apokalypsy 16:15

Fa ho avy ny Zanak' olona amin' ny voninahitry ny Rainy, mbamin' ny anjeliny, dia hamaly ny olona rehetra araka ny nataony. —Matio 16:27

Ary amin' izany andro izany dia hahita ny Zanak' olona avy eo amin' ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy.
—Lioka 21:27

# Ny Lalam-Pamonjen' Andriamanitra

***Mila Mpamonjy aho.***

Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra. –Romana 3:23

***Maty ho ahy Kristy.***

Fa Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny amin'ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina mba hitondra antsika ho amin'Andriamanitra, ka novonoina tamin'ny nofo, fa novelomina tamin'ny fanahy –Petera I. 3:18a

***Mila mibebaka amin'ny fahotako aho.***

Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo. –Asan'ny Apostoly 3:19

***Tsy maintsy mandray an'i Jesosy amin'ny alalan'ny finoana aho.***

Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany. –Jaona 1:12

***Afaka matoky ny famonjena aho.***

Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana. –Jaona I. 5:12a

Published in numerous languages by World Missionary Press, Inc., as God supplies funds in answer to prayer. **For questions or more information by country, visit: www.wmp-contacts.org**

**OMENA MAIMAIM-POANA—**
**TSY AZO AMIDY**

**World Missionary Press**
**PO Box 120**
**New Paris, IN 46553-0120 USA**
**www.wmpress.org**

Read booklets online or by App
www.wmp-readonline.org

**5-24**

180 Malagasy HFA